



Brand book

# FIZIANTSIKA

*Torolalana momba ny aromarika sy fanehoana maha Tily*

Edisiona 2025

# Fampidirana

Feno 100 taona ny Tily eto Madagasikara. Tao anatin'izay taonjato lasa izay dia tsy nitsahatra izy nitombo, nandroso ary nifanaraka amin'ny andraikiny ho hetsika fanabeazana tanora.

Amin'ny maha-fikambanana azy, ny Tily eto Madagasikara dia manana ny mari-pamantarana manokana. Tamin'ny taona 1957, fotoana nanamarihana ny fahazoana fahaleovantenan'ny Tily eto Madagasikara, dia napetraka ho marika tokana sy mampiray ny Tily manerana an'i Madagasikara sy ireo any ampitan-dranomasina ny Ravinala, famantarana noforonin'i *Martin Razafindrakoto*. Io no marika maneho ny maha-Malagasy sy ny maha-skoto kristianina antsika.

Tamin'ny taona 1955 no nivoaka voalohany ny "Boky Antsaha", izay hany tahirin-kevitra nanolotra sy nanazava ireo singa fototra mandrafitra ilay marika, niaraka tamin'ny hevitra sy dikany tsirairay avy.

Nandritra izay taonjato lasa izay dia nisy fivoarana sy fanatsarana lehibe teo amin'ny Tily eto Madagasikara. Anisan'ny porofo maneho izany ny fanamafisana ny aro-marika, satria ny Marika no endrika hita maso voalohany maneho fa fikambanana matotra sy miorina amin'ny soatoavina ny Tily eto Madagasikara. Na izany aza, maro hatrany no tsy mbola mahafehy tsara ny fampiasana ny marika, ary mbola sarotra ny mahita antontan-kevitra manazava mazava ny hevitra sy ny dikany amin'ireo singa mandrafitra azy.

Tsara marihana fa ny marika antsika dia voasoratra sy voaaro ara-dalàna ao amin'ny OMAPI, amin'ny laharana 23908. Tamin'ny taona 2023, dia namoaka boky faharoa isika ho fanamafisana ny fiarovana ny marika.

Ary amin'ity taona 2025 ity, dia naseho ity boky vaovao ity ho fanampiana sy tari-dalana ho an'ny rehetra, mba hanamafy sy hiaro ny famoronana efa natao hatramin'izay, ary indrindra mba hanome torolalana mazava amin'ny fampiasana ny marika, mifanaraka amin'ny fanavaozana avy amin'ny OMMS.

Izany koa dia manome fahafahana antsika hampivelatra sy hampiasa tanteraka ny maha-marika azy ho fitaovana hanamafisana ny fanabeazana.

Noho izany, zava-dehibe ny fanoratana sy fandraketana mazava ny marika sy ireo singa fototra mandrafitra azy.

Misy ireto teboka telo ireto tena manan-danja:

- Fampiasana ny marika : tsy maintsy mitovy sy tsy miova amin'ny karazana serasera amin'ny sehatra rehetra.
- Fampiasana ny soratra : ilaina ny fanajana ireo endri-tsoratra sy habe voafidy ho an'ny marika.
- Fampiasana ny sary : tokony ho sary maneho ny vina sy ny tanjon'ny Tily hatrany, manamafy ny maha-izy azy sy ny hafatra tiany ampitaina.

Ny marika

Ny soratra

ABCDEFGHIJ

Abcdefghij

0123456789

Ny sary




# Firafitrin'ny boky

Ireto avy ny no hitantsika ato anaty boky :

## Marika

## Loko



## Soratra


INSANIBURGER

*James Stroker*

***Circus-Of-Innocents***

Poppins


## Kisary, haingon-tsary



## Sary



## Fandaminana pejy




## Endika fampiasa marika



## Maha Tily



# Marika

## Ny Tily eto Madagasikara :

Ny Tily dia fanabeazana tanora zazalahy unionistes (FJKM, FLM, EEM, METM, FMTA), araka ny fomba fanabeazana skoto efa nanorenan'i Baden Powell azy, sady mamolavola azy handray anjara amin'ny fanorenana tontolo tsara kokoa. Natao hanabe sy hikolokolo ireo zazalahy, amin'ny maha-olona feno hahatonga azy ireo ho tanora:

- Vavolombelon'i Jesoa Kristy
- Olom-pirenena vanona
- Andrin'ny fianakaviana

Mizara Sampana efatra ny Tily eto Madagasikara:

- Ny Sampana Mavo Tily, Sampana zandriny indrindra na antsoina ihany koa hoe Lovitao manabe ireo ankizilahy 6 ka hatramin'ny 11 taona;
- Ny Sampana Maitso Tily manabe ireo zazalahy 12 ka hatramin'ny 16 taona
- NY Sampana Mena Tily na Mpiandalana sampana fahatelo izay hibeazan'ireo tanora 17 ka hatramin'ny 19 taona.
- Ny Sampana Menafify no sampana zokiny indrindra amin'ny salan-taonam-panabeazana Tily (ao aorian'ny faha-19 taona ka hatramin'ny 25 taona).

# Ny soatoavina iombonantsika

| | |
|---|---|
| Vavolombelon'i Jesoa Kristy | Servir Dieu et le roi (ou Dieu et mon pays)<br>*Hanompo an'Andriamanitra sy ny firenena* |
| Olom-pirenena vanona | Aider mon prochain à tout moment<br>*Hanampy ny namako amin'ny fotoana rehetra* |
| Andrin'ny fianakaviana | Obéir à la Loi scoute<br>*Hanoa ny lalàna skoto* |

*Araka ny Fitsipika fototra Mpanazava sy Tily eto Madagasikara, andininy faha-10, edisiona 2018*

*Araka ny [Lalàm-panorenan'ny Fianakaviamben'ny skotisma manerantany (OMMS)](), andininy faha-2, edisiona 2024*

> « Mety ho toy ny zavatra madinika fotsiny ny fanamiana, nefa tena misy lanjany lehibe izany amin'ny fampivelarana ny fanajana tena; ary manan-danja tokoa ho an'ny lazan'ny Hetsika eo imason'ny olona ivelany, izay mitsara araka izay hitan'ny masony. »

Baden Powell, Aids to Scoutmastership (1920) p.26

# Ny mariky ny skoto maneran-tany

Ny Fleur de Lys no marika iraisana sy famantarana ny skoto rehetra ao anatin'ny OMMS (Organisation Mondiale du Mouvement Scout).

Tamin'ny volana aogositra 2024, dia nampiharina ny fanavaozana teo amin'ny brand architecture an'ny skotisma maneran-tany, izay nandalo fanatsarana ihany koa ny mariky ny skoto.

☞ https://brand.scout.org/document/53#/the-world-scout-emblem/our-emblem

Misy karazana roa (02) ny famantarana ny marika skotisma iraisam-pirenena :

1. Ny fleur de lys no faneva (emblème), mipetraka eny amin'ny fanamian'ireo skoto rehetra ara-dalàna. marika voaaro amin'ny sehetra iraisam-pirenena io marika io.

*(Lisitr'ireo mpikambana ao amin'ny OMMS mampiasa azy : https://directory.scout.org/)*

2. Ny logo ahitana soratra « WORLD SCOUTING », dia marika entina milaza ireo hetsika izay ny skotisma iraisam-pirenena (omms) na mikaraka azy. Ary misy ilay soratra ® satria marika voaaro amin'ny sehetra iraisam-pirenena io marika io.

# Hevitry ny “fleur de lys”

### Ny fatotra

Fianakaviam-bean’ny Skotisma manerantany

### Ny loko

Fotsy: fahadiovana (mahatoky)
volomparasy: mpitarika, andraikitra

### Kintana

**Fahamarinana** **Fahalalàana**

Misy rambony miisa 10 ny kintana anehoana ny lalàna 10

### Fleur-de-lys

**Adidy amin’ Andriamanitra**
*Soatoavina skoto*

**Adidy amin’ny Firenena**
*Ho an’ny hafa*



**Adidy amin’ny Tena**
*Mankatoa ny Lalàna Skoto*

**Fanondroavaratra**
*Azo hitokisana sy azo ianteherana*

### Ny tady mihodidina sy ny vona fisaka




Ny vona fisaka maneho ny tanjaky ny skotisma manerantany

# Ny mariky ny Tily eto Madagasikara - Ravinala

Ny taona 1955, no nanomboka nampiasa ny marika Ravinala ny Tily eto Madagasikara. Niaraka tamin'ny nahazoana ny fahaleovan-tena tamin'ny skotisma frantsay sy ny nanagasiana ny skotisma teto Madagasikara io fotoana io. *Martin RAZAFINDRAKOTO*, géographe ary diakona tao amin'ny Tranovato Faravohitra, no namorona azy. *(https://www.scout.mg/symbole/logo-ravinala/ )*

# Fomba fampisehoana ny marika amin'ny  endrika samihafa

Positif - fond clair

Positif - fond sombre

Monochrome - fond sombre

Monochrome - fond clair

# Hevitry ny “ravinala”

**Boribory :** Boribory endrika ampinga.

**Croix florencée :**
Hazo fijalana ho fanehoana ny maha-kristianina. Ary ireo fleur de lys amin’ny hazo fijaliana no mampatsiahy fa Skoto isika. Ny voambolana nilazana azy teny tao anaty Antsaha tany an-doharano dia hoe fanehoana fa « Tily mivavaka» .

**Ravinala :**
Ny sarin’ny ravinala eo amin’ny logo no nahatonga ny fiantso ny logo an’ny Tily eto Madagasikara hoe «marika ravinala». Fanehoana fa i Madagasikara no firenena misy ny Tily, na eto Madagasikara no mikatroka na any ampitan-dranomasina. Atao tafo fialofana ny ravinala ary vilia fihinanana. Ny tahony kosa fanao tsikala (lafika fiarovana), ary ny vatany mitahiry rano ho an’ny mpandeha.Miisa folo (10) ny ravin’ny ravinala ho fanehoana ireo lalana folon’ny Tily.

**Loko dimy :**
Loko manga satria Nosy i Madagasikara. Ireo loko efatra ambiny dia maneho ireo loko Sampana efatra: Mavo (vony araka ny nanoratan’ny mpamorona ny marika), maitso, mena ary ny Menafify izay loko nampidirina ny 22 Febroary 2022). Ny loko mavo dia avy ao anaty (mavo : hazo fijaliana) miha-pariaka any ivelany ary ny menafify no boribory manambara ny fehiny. Maneho fa manabe olona hipariaka sy hiasa eny amin’ny fiaraha-monina ny Tily eto Madagasikara.

Fanamarihana :
Ampiasaina manontolo araka io endriny io ny marika Ravinala fa tsy tokony anampiana na anesorana na ampiasaina mitokana ireo singa ireo.

# Endrika ampiasana ny marika

## Marika miaraka amin'ny tondrozotra

Miova isaky ny taom-piasana manaraka ny tondrozotran'ny Mpanazava sy Tily eto Madagasikara.

Endri-tsoratra (font) : *James Stroker*

Marika ravinala (Tily eto Madagasikara)

« *Ataovy mpianatra ny firenena rehetra* »

Tondrozotran'ny MTEM mandrItra ny taom-piasana, ary miova isaky ny telo (03) taona.

Marika fleur de lys (iraisam-pirenena)

**Vonona amin'ny fainana**

Vinan'ny OMMS 2024-2033

Ny marika miaraka amin'ny tondrozotra dia manana endrika roa samihafa. Ny endrika mitsangana dia natokana ho an'ny fampiasana nomerika rehetra, toy ny amin'ny aterineto sy sehatra an-tserasera. Ny endrika mitsivalana kosa dia ampiasaina amin'ny antontan-taratasy sy fanontana amin'ny taratasy.

## Marika ny hetsika

Rehefa misy fankalazana manokana eo amin'ny Tily eto Madagasikara dia tokony hita ao ny marika ravinala. Amin'ny maha-fanakalazana azy dia misy fe-potoana ny fampiasana azy.

## Miaraka MTEM

Rehefa miaraka MTEM dia "bandeau" toy ity no ampiasaina (hajaina ny filaharany) : AMGE-MEM - TILY - OMMS ; manaraka ny filaharany amin'ny fanamiana ho an'ny Mpanazava (AMGE-MEM) sy ho an'ny Tily (TEM-OMMS)

Miaraka amin'ny FSM-ZL

Rehefa miaraka amin'ny ASN hafa (Antilin'i Madagasikara sy/na Kiadin'i Madagasikara) dia ny mariky ny FSM-ZL (logo "SCOUTS Madagascar") no ampiasaina, araka ny notapahin'ny AG FSM-ZL teny amin'ny FOFIKRI Ilafy, mai 2022

Fotsy sy mainty

Rehefa tsy afaka mampiasa loko maro, na amin'ny tokotanin-tsary kely mifangarika (contraste) loatra. Ny marika amin'ny endriny tokotany mainty sy soratra fotsy dia fampiasa koa ho mariky ny fisaonana.

# Ny fanao sy ny fady rehefa mampiasa ny marika

Tsy tapahana
na anesorana

Tsy atao
mitongilana na mihodina

Tsy abontsina
na afisaka

Tsy soloina ny loko,
na endri-tsoratra ao anatiny

# Refin'ny marika

Ho fanajana sy fiarovana ny maha-ara-dalàna ny marika, dia ilaina ny manaraka ireo refy rehefa mampiasa azy. Izany no hahazoana antoka fa mazava, voavaky tsara, ary hita madio avokoa ny singa sy ny soratra ao anatin'ny marika.

L : 20 mm
l : 20 mm

Ny refy farany kely afaka ampiasaina amin'ny marika raha atao amin'ny printy dia 2 cm, fa raha amin'ny tranokala dia 100 px.

L : 60 mm
l: 40 mm

Ny tondrozotra roa dia in-telo (x3) amin'ny marika Ravinala.

60 mm ny refy farany kely afaka ampiasaina amin'ny marika raha atao amin'ny brand mockup (flyers, tee-shirt, carte de visite...). Raha ampiasaina amin'ny visuel (réseaux sociaux, site web), dia 170 px.

L : 100 mm
l : 20 mm

Ny tondrozotra dia in-telo (x3) amin'ny marika Ravinala, ary ny tondrozotra miaraka amin'ny marika Fleur de Lys dia in-efatra (x4) amin'ny marika Ravinala.

100 mm no refy farany kely afaka ampiasaina amin'ny marika rehefa hanao printy.

# Loko

# Ny loko fototra

Ny loko dia singa tena manan-danja ao anatin'ny marika. Ireto avy ny loko ampiasaintsika sy ny "reference" mifanaraka amin'izy ireo.

Misy karazany efatra (4) ny reference amin'ny loko tsirairay, ka ireto no fampiasana azy:

1. HEX (Hexadécimal) : ampiasaina amin'ny pejy web.
2. RVB / RGB (Rouge, Vert, Bleu) : ampiasaina amin'ny ordinatera, smartphone, tablette, sary nomerika, vidéo, ary présentation.
3. CMJN / CMYK (Cyan, Magenta, Jaune, Noir) : ampiasaina amin'ny fanontàna taratasy.
4. PMS (Pantone) : ampiasaina amin'ny fanontàna miloko manokana, mba hahazoana loko mitovy tanteraka (100%).

## Loko ankapobeny:

**FOTSY**

| | | |
|---|---|---|
| HEX | : | #FFFFFF |
| RGB | : | 255, 255,255 |
| CMJN | : | O%, 0%, 0%, 0% |

**Manga**

| | | |
|---|---|---|
| HEX | : | #0041A0 |
| RGB | : | 0, 65, 160 |
| CMJN | : | 100%, 59%, 0%, 35% |
| PMS | : | 2384 C |

**Volomparasy**

| | | |
|---|---|---|
| HEX | : | #622599 |
| RGB | : | 98, 37, 153 |
| CMJN | : | 79%, 94%, 0%, 0% |
| PMS | : | 527 C |

## Lokon'ny sampana:

### Mavo

| | | |
|---|---|---|
| HEX | : | #EFC100 |
| RGB | : | 239, 193, 0 |
| CMJN | : | 0%, 19%, 100%, 6% |
| PMS | : | 123 C |

### Maitso

| | | |
|---|---|---|
| HEX | : | #00911B |
| RGB | : | 0, 145, 27 |
| CMJN | : | 100%, 0%, 81%, 43% |
| PMS | : | 355 C |

### Mena

| | | |
|---|---|---|
| HEX | : | #EF0013 |
| RGB | : | 239, 0, 19 |
| CMJN | : | 0%, 100%, 92%, 6% |
| PMS | : | 485 C |

### Menafify

| | | |
|---|---|---|
| HEX | : | #6D071A |
| RGB | : | 109, 7, 26 |
| CMJN | : | 0%, 94%, 76%, 57% |
| PMS | : | 7622 C |

## Loko fanampiny:

### Scouting Purple

| | | |
|---|---|---|
| HEX | : | #622599 |
| RGB | : | 98, 37, 153 |
| CMJN | : | 79%, 94%, 0%, 0% |
| PMS | : | 537 C |

### Midnight Purple

| | | |
|---|---|---|
| HEX | : | #4D006E |
| RGB | : | 77, 0, 110 |
| CMJN | : | 80%, 100%, 0%, 45% |
| PMS | : | 2607 |

### Blossom Pink

| | | |
|---|---|---|
| HEX | : | #EF8DFF |
| RGB | : | 255, 141, 255 |
| CMJN | : | 5%, 45%, 0%, 0% |
| PMS | : | 236 C |

### Fire Red

| | | |
|---|---|---|
| HEX | : | #FF5655 |
| RGB | : | 255, 86, 85 |
| CMJN | : | 0%, 80%, 60%, 0% |
| PMS | : | 178 C |

## Ember Orange

| | | |
|---|---|---|
| HEX | : | #FFAE80 |
| RGB | : | 255, 174, 128 |
| CMJN | : | 0%, 30%, 40%, 0% |
| PMS | : | 162 C |

## Ocean Blue

| | | |
|---|---|---|
| HEX | : | #0094B4 |
| RGB | : | 0, 148, 180 |
| CMJN | : | 100%, 0%, 30%, 0% |
| PMS | : | 632 C |

## River Blue

| | | |
|---|---|---|
| HEX | : | #82E6DE |
| RGB | : | 130, 230, 222 |
| CMJN | : | 45%, 0%, 15%, 0% |
| PMS | : | 318 C |

## Forest Green

| | | |
|---|---|---|
| HEX | : | #248737 |
| RGB | : | 36, 135, 55 |
| CMJN | : | 95%, 0%, 90%, 20% |
| PMS | : | 348 C |

## Canvas White

| | | |
|---|---|---|
| HEX | : | #FFFFFF |
| RGB | : | 255, 255, 255 |
| CMJN | : | 0%, 0%, 0%, 0% |
| PMS | : | |

## Leaf Green

| | | |
|---|---|---|
| HEX | : | #9FED8F |
| RGB | : | 159, 237, 143 |
| CMJN | : | 40%, 0%, 50%, 0% |
| PMS | : | 2267 C |

Afaka jerena ato ireto loka ireto:
https://brand.scout.org/document/53#/colour-1/colour-values

# Soratra

# Ny endri-tsoratra fampiasa

Voafaritra mazava eto ireo endri-tsoratra azo ampiasaina amin'ny lohateny, lahatsoratra, dokambarotra, na antontan-taratasy. Tanjon'izany ny hahamora ny famakiana sy ny hahatonga ny votoaty ho mora raisin'ny rehetra. Tsara raha endri-tsoratra "sans serif" no ampiasaina, fa tsy ireo "serif" (toy ny Times New Roman) izay manana endrika misy "nify" amin'ny tendron'ny litera.
Mizara roa mazava tsara ny endri-tsoratra afaka ampiasaintsika dia ireo ampiasaina amin'ny antontan-taratasy ary ny endri-tsoratra ampiasaina amin'ireo support visuels maro samihafa.

## Fampiasa amin'ny antontan-taratasy


| | |
|---|---|
| Ab | **Calibri**<br>ABCDEFGHIJKLMNOPQRSTUVWXYZ<br>abcdefghijklmnopqrstuvwxyz<br>0123456789 |
| Ab | **Arial**<br>ABCDEFGHIJKLMNOPQRSTUVWXYZ<br>abcdefghijklmnopqrstuvwxyz<br>0123456789 |
| Ab | Roboto<br>ABCDEFGHIJKLMNOPQRSTUVWXYZ<br>abcdefghijklmnopqrstuvwxyz<br>0123456789 |

## Fampiasa amin'ny “visuels” (afisy, boky, sns)


| | |
|---|---|
| aB | Insaniburger TRUE TYPE, **WITH CHEESE**<br>ABCDEFGHIJKLMNOPQRSTUVWXYZ<br>**ABCDEFGHIJKLMNOPQRSTUVWXYZ**<br>**0123456789** |
| Ab | Circus Of Innocents<br>ABCDEFGHIJKLM NOPQRSTUVW XYZ<br>abcdefghijklmnopqrstuvwxyz<br>0123456789 |
| Ab | James Stroker<br>ABCDEFGHIJKLM NOPQRSTUVWXYZ<br>abcdefghijklmnopqrstuvwxyz<br>0123456789 |
| Ab | Poppins<br>ABCDEFGHIJKLM NOPQRSTUVWXYZ<br>abcdefghijklmnopqrstuvwxyz<br>0123456789 |

# Ohatra entina hampiasana ireo karazana endri-tsoratra.

## Visuel amin'ny tambajotra serasera:



# Amin'ny taratasy ofisialy



TILY ETO MADAGASIKARA
Vonona amin'ny fiainana
"Ataovy mpianatra ny firenena rehetra" Matio 28:19e

**FOIBE TILY**
+261 34 09 010 39
Ankanin-jazalahy Antsahamanitra
BP 771 Antananarivo
tily@scout.mg
www.scout.mg

Antananarivo, faha 20 Janoary 2033

Ho an'ny
Mpitandrina sy ny Komitim-pivondronana eto
……………………………………………………

*Reference n°: 00/TEM/FFB/2533*

***Antony**: Aaaaaabbbbbbbbddddddddeeeeeffffff*

DEAR SIR.

Lorem Ipsum is simply dummy text of the printing and typesetting industry Lorem Ipsum has been the industry's standard dummy text ever since the 1500s, when an unknown printer took a galley of type and scrambled it to make a type specimen book. It has survived not only five. centuries, but also the leap into electronic typesetting, remaining essentially unchanged

It was popularised in the 1960s with the release of Letraset sheets containing Lorem Ipsum passages, and more recently with desktop publishing software like Aldus PageMaker including versions of Lorem Ipsum

It is a long established fact that a reader will be distracted by the readable content of a page when looking at its layout. The point of using Lorem ipsum is that it has a more-or-less normal distribution of letters as opposed to using ,Content here content herer, making it look like readable English. Many desktop publishing packages and web page editors now use Lorem Ipsum as their default model text, and a search for lorem ipsum' will uncover many web sites still in their infancy. Various versions have evolved over the years, sometimes by accident, sometimes on purpose linjected humour and the likel

Andraikitra
Anarana
Totem
Laharana finday

# Singa sary

## Kisary

Ny icône sy ny illustrations dia manampy betsaka amin'ny fanazavana sy fanamafisana ny hafatra tiana ampitaina, amin'ny fomba mazava, tsotra, ary mahafinaritra. Izy ireo dia fitaovana manampy amin'ny fifandraisana, manamora ny fahatakarana, ary manampy amin'ny fanomezana endrika mirindra sy manintona ho an'ny votoaty rehetra.

Ato dia hojerentsika ireo sary famantarana sy haingo-tsary azo ampiasaina mba hanampiana amin'ny fanamafisana ny fifandraisana sy ny maha-endrika tokana ny Tily.


WhatsApp


Facebook


Site Web


Contact


Daty


Ora


Fiangonana


Mailaka


Mitanisa



Fisoratana anarana



Lasy, tente


Toerana

# Ny haingontsary

https://brand.scout.org/document/80

















Ireto kisarisary ireto dia nomena toerana manokana satria misolo tena ny sampana efatra sy ny mpitarika. Azo ampiasaina amin'ny izay mahamety azy (na amin'ny printy, na amin'ny tranonkala, na amin'ny tambajotra serasera ...









# Sary

## Sary Tily

Ny sary dia singa lehibe amin'ny fifandraisana satria izy no mampita fihetseham-po, manamafy ny hafatra, ary mampitsiry endrika mazava sy manintona amin'ny votoaty. Zava-dehibe noho izany ny fifantenana sary mifanaraka amin'ny tanjon'ny Tily eto Madagasikara, manaja ny maha-izy antsika, ary maneho ny fivoarana nefa tsy miala amin'ny fototra ijoroantsika.

Tokony hitovy kalitao sy fomba fanehoana avokoa ireo sary rehetra ampiasaina, na amin'ny sehatra nomerika izany na amin'ny fanontana, mba hahatonga ny marika hiseho ho voalamina, matihanina ary mirindra hatrany.




Fikambanana kristianina

Ny sary avoaka dia tokony haneho mazava fa fikambanana kristianina ny Tily, ka manaja sy mandala ireo soatoavina ara-pinoana. Tsy tokony hisy mihitsy ny sary na votoaty mifanohitra amin'ny finoana kristianina.

Ankoatra izany, ny Tily eto Madagasikara dia manaja sy mandala ny kolotsaina ary ny soatoavina malagasy, izay maneho ny maha-izy antsika sy ny fototra ijoroantsika amin'ny maha-Tily kristianina malagasy.













Soatoavina sy fanabeazana

Ny sary dia tokony hanasongadina ireo soatoavina fototra maha-skoto, ary haneho ireo fomba fanabeazana entina manampy amin'ny fivelaran'ny tanora amin'ny lafiny rehetra : ara-tsaina, ara-batana, ara-piaraha-monina, ara-panahy ary ara-pihetseham-po.

Zava-dehibe indrindra ny fampisehoana ny mahasamihafa ny fomba fanabeazana izay mankasitraka sy manaja ny fahasamihafana ary mampiseho mazava ny fisian'ny sokajin-taona samihafa eo amin'ny tanora.



Asa firotsahana an-tsitrapo

Tokony haneho amin'ny sary fa ny skoto dia olom-pirenena tompon'andraikitra, vonona hanampy sy hirotsaka amin'ny asa firotsahana an-tsitrapo ho tombontsoan'ny fiaraha-monina. Maneho izany amin'ny alalan'ny fandraisana anjara amin'ny asa soa, ny fanajana ny tontolo iainana, ny fanarahana lalàna sy fitsipika, ary ny fanomezana ohatra tsara ho an'ny hafa amin'ny fiainana andavanandro.







## Lalao misy tanjona :

Ny sary dia tokony hampiseho fa lalao ny skotisma, nefa lalao manabe. Tsy lalao tsotra fotsiny izy io, fa fitaovana fanabeazana sy fomba iray hanatanterahana ny fandaharan'asa .







# Fandaminana pejy

# Fandaminana eo amin'ny kisaritao


Ny fandaminana eo amin'ny kisaritao dia iray amin'ireo dingana manan-danja amin'ny famolavolana fomba fifandraisana, na amin'ny antontan-taratasy na amin'ny visuel. Izany no manampy amin'ny fanomezana endrika mazava, mirindra ary milamina ho an'ny lahatsoratra sy ny sary ao anatin'ny pejy iray, mba hahatonga ny hafatra ho mora vakiana sy mora takarina.




Visuel amin'ny tambazotra serasera:
Fanasana fanotronana fanekana Mpiandraikitra

- (Maitso) 1080px X 1080 px — Refy ho an'ny ranty Facebook
- (Mavo) 340,1575 px X 141,4498 px — Sary Haingontsary
- (Maitso maizina) 244,0339 px X 115,2963 px — Marika (Fitambaran'ny marika telo)
- (Mena) 226,1543 px X 99,2891 px — Circus Of Innocents 20 pt
- (Manga) 680,315 px X 113,3858 px — *James Stroker 30 pt*
- (Volomboasary maizina) 793,7002 px X 71,0513 px — **INSANIBURGER WITH CHEESE 30 PT**
- (Manga mazava) 226,7717 px X 339,0485 px — olona
- (Volomboasary) 1080 px X 28,3465 px — Haingontsary ambanin'ny pejy
- (Mainty) 168,3142 px X 15,012 px — Hain-gon-tsary
- (Volondavenona) 142,1875 px X 32,627 px — Anarana Circus Of Innocents 20 pt
- (Volomparasy) 30 px X 30px — Icône (famataranandro, fiangonana.....)
- (Volamena) H : 17,502 px X L : (............) — Daty, ora, toerana..... Poppins Medium 16 pt
  - ➢ Ny mitombo halava ny soratra arakaraky ny sarotra atao


Visual Story: 1080 px X 1920 px




Visuel Publication Facebook: 1080 px X 1080 px



# Endriky ny taratasy ampiasana : A4




21 cm X 29,7 cm : Refy taratasy A4

2 cm X 16 cm : Sisiny ankavanana (marge de droite)
2,5 cm X 16 cm : Sisiny ankavia (marge de gauche)
(ny en tête tsy voatery manaraka ny sisiny na marge)

21 cm X 5 cm : en tête

8,106 cm X 1,7964 cm : Marika (mitsivalana)

4,0683 cm X 1,6594 cm : *en-tête (Poppins Medium Italic 07 pt)*

5,0012 cm X 2 cm : Haingontsary

8,2798 cm X 2,319 cm : Daty sy andefasana
Arial 12 pt

9,0119 cm X 0,3134 cm : *Reference Arial Italic 12 pt*

H : 0,3973 cm X L (..............) : ***Antony Arial Italique Gras pt (Ctrl+G)***
*(mitombo arakaran'ny soratra ny halavany)*

L : 16,5132 cm X H : (............) : Lahan-tsoratra Arial 12 pt
(mitombo arakaran'ny soratra ny hahavony)

H : 3,5145 cm X L (.............) : Fitomboka , Sonia
Andraikitra sy anarana Arial 12 pt / *Totem sy Laharana Finday*
*Arial Italique12 pt*
*(mitombo arakaraky ny anarana sy andraikitra ny halavany)*

20 cm X 0,5047 cm : Haingontsary ambanin'ny pejy

# Fampiharana mivantana ny marika

# Fampiharana mivantana ny marika

Ireto avy ny fampiharana mivantana ny marika ato amin'ny Tily:


- Sary sy visuel ampiasaina amin'ny tambajotra sosialy sy sehatra serasera.
- Taratasy ofisialy (toy ny taratasy fangatahana, fanasana, sns).
- Carte de visite sy fitaovana ara-barotra.
- Fitaovana entina amin'ny hetsika (afisy, badge, banderole, sns).
- Support visuel rehetra ampiasaina amin'ny fampahafantarana.
- Support numérique rehetra (toy ny slide, présentation, mockup, sns).


Ireo rehetra ireo dia natao hanamafisana ny maha-izy ny Tily, amin'ny alalan'ny fampiasana mirindra, mitovy ary manaja ny mari-pamantarana.

Eto ambany dia aseho ohatra vitsivitsy amin'ny fampiharana ny marika amin'ireo sehatra samihafa.


TILY
MADAGASIKARA


9:41
TILY
MADAGASIKARA
scout.mg
MON
6
Calendar
Mail
Notes


Tily eto Madagasikara


TILY ETO MADAGASIKARA
TILY ETO MADAGASIKARA


DIARY
2033




TILY
MADAGASIKARA
TILY ETO MADAGASIKARA
Vonona amin'ny fiainana
" Ataovy mpianatra ny firenena rehetra " Matio 28:19e
FOIBE TILY
+261 34 09 010 39
Ankanin-jazalahy Antsahamanitra
BP 771 Antananarivo
tily@scout.mg
www.scout.mg


FEBROARY
02
ALH ALT TLA ALR ALK ZMA SAB
CALENDRIER
2033

# Ny maha Tily

## Endrika isehoan'ny Tily

Ny mampiavaka ny fanamiana isan-tsampana dia hita any anatin'ny boky torolalana. Ireto avy kosa no iombonan'ny tily rehetra, sy ny mampiavaka azy amin'ny hafa :

- Fanamiana
- Fehitenda
- Barety

## Fanamiana Tily : Col sy Fehitenda



**Tily**

Tsy misy col



**Antily**

Fehitenda ambonin'ny col



**Kiady**

Fehitenda ambanin'ny col

## Fanamiana Tily: Mpitondra fivavahana



# Col romain

Lobaka misy col romain araka ny didim-panamiana sy insignes an'ny sampana tandrify azy
(manga tanora didina fanamiana lovitao ho an'ny vehivavy, volontany fohy tanana na lava tanana araka ny didina fanamiana sampana maitso/mena/menafify ho an'ny lehilahy)

# Pataloha volontany

Pataloha lava volontany velours ho an'ny lehilahy.
Zipo manga antitra manaraka didim-panamian'ny mpanabe lovitao ho an'ny vehivavy.

Afaka anaovana amin'ny fotoana rehetra io fanamiana io,
ary afaka anaovana miaraka amin'ny robe pastorale na tsia.

Fehin-kevitra FIFITI 2023, Tolagnaro

## Fanamiana Tily: Manokana Pataloha (ho an'ny Olon-dehibe)

- Na Olon-dehibe anaty hetsika samy olon-dehibe (tsy misy beazina)
- Na mpitondra fivavahana manao fanamiana maha-pitondra fivavahana (col romain)
- Na manatanteraka hetsika any ampitan-dranomasina ka tsy afaka manao short



- Fepetra mahakasika ny fanamiana Tily (Naoty/okt-2015/DFB)
- Fehin-kevitra FIFITI 2022 (Morondava) momba ny fanamiana Tily
- Fehin-kevitra FIFITI 2023 (Tolagnaro) momba ny fanamiana mpitondra fivavahana

# Fanamiana Tily: Sampana Mavo Mpiandraikitra, Filoha (Fanamiana Tsotra)



## Lobaka manga tanora

Misy paosy roa eo amin'ny tratra, eo no mipetraka ny marika fleur de lys sy ravinala, misy épaulette ametrahana mariky ny andraikitra.

## Zipo manga antitra

Zipo didy enina, tsy manara-batana, atao hatreo amin'ny lohalika ny halavany. Azo asiana paosy miafina misy fitoerana fehikibo.
Fehikibo hoditra miloko matroka

Anaovana rehefa mivory, mivavaka, fanasana, manao fitsidihana, manokatra sy mamarana sahanasa na hetsika (manao sapaoritra).

Raha manao fanamiana dia tsy manao firavaka na haingo hafa ankoatry ny peratra mariazy hoan'izay efa manambady sy famantaranandro izay fitaovana ilaina amin'ny fampilalaovana.

Torolalana Sampana Mavo (2018)

## Fanamiana Tily: Sampana Mavo Mpiandraikitra, Filoha (Fanamiana ho an'ny mitondra vohoka)



# Lobaka manga tanora

Misy paosy roa eo amin'ny tratra, eo no mipetraka ny marika fleur de lys sy ravinala, misy épaulette ametrahana mariky ny andraikitra.

# Robe salopette

Robe didy enina, paosy roa amin'ny tratra asiana ny insigne, halava ambany lohalika, col carré (carré toa izany koa ny ao an-damosina)

Anaovana rehefa mivory, mivavaka, fanasana, manao fitsidihana, manokatra sy mamarana sahanasa na hetsika (manao sapaoritra).

Raha manao fanamiana dia tsy manao firavaka na haingo hafa ankoatry ny peratra mariazy hoan'izay efa manambady sy famantaranandro izay fitaovana ilaina amin'ny fampilalaovana.

Torolalana Sampana Mavo (2018)

## Fanamiana Tily: Marika iraina OMMS/AFICA Scout (ho an'y Tily rehatra)



### Africa scout

Marika iombonan'ny fikambanana skoto ara-dalàna ankatoavin'ny OMMS aty Afrika.

Toerany : apetraka eo amin'ny tratra havia ambony paosy miala tondro iray.

Refiny : 7,5 cm x 4 cm

Fepetra : Mipetaka avy hatrany amin'ny fanamian'ny skoto rehetra ao anaty fikambanana ara-dalàna ankatoavin'ny OMMS. Jereo ao amin'ny directory.scout.org ny lisitry ny fikambanana ara-dalàna.

### Fleur de lys

Marika iombonan'ny fikambanana skoto ara-dalàna ankatoavin'ny OMMS.

Heviny: jereo ny boky FIZIANTSIKA

Toerany : Eo amin'ny paosy tratra havia.

Refiny : savaivo 5 cm

Fepetra : Mipetaka avy hatrany amin'ny fanamian'ny skoto rehetra ao anaty fikambanana ara-dalàna ankatoavin'ny OMMS. Jereo ao amin'ny directory.scout.org ny lisitry ny fikambanana ara-dalàna.

# Fanamiana Tily: Marika iraina ASN/OSN (ho an’ny Tily rehatra)




## Tily eto Madagasikara

Toerany : Eo amin’ny tanan’akanjo havanana. (rantsana 3 avy eo amin’ny soroka / rantsana 2 raha beazina lovitao)

Réfiny : 6,5 cm x 2 cm

Fepetra : mipetaka avy hatrany amin’ny fanamian’ny tily rehetra

## Firaisan'ny Skotisma eto Madagasikara

Toerany : Eo amin’ny tanan’akanjo havanana, ambanin’ny marika Tily Madagasikara.

Refiny : savaivo 6,5 cm

Fepetra : tsy misy fepetra manokana fa mipetaka avy hatrany amin’ny fanamian’ny tily rehetra. Raha tsy antonona dia ny marika talenta aloha no apetaka ho laharam-pahamehana

## Ravinala

Mariky ny tily nahavita fanekena.

Heviny: Jereo ny boky FIZIANTSIKA

Toerany : Eo amin’ny paosy tratra havanana.

Refiny : savaivo 5 cm

Fepetra : Apetaka rehefa nahavita fanekena tily na fanekena lovitao. Torak’izay koa ny fisalorana fehitenda.

# Fanamiana Tily: Marika iraina CPGS (ho an'ny Tily rehatra)

## Mariky ny CPGS

Mariky ny maha-pikambana ao amin'ny Conseil pour les Protestants dans le Guidisme et le Scoutisme (CPGS).

Heviny : hazo fijaliana mavo mariky ny maha-kristianina

Trèfle d'or manga ho mariky ny skotisma zazavavy

Fleur de lys mena ho mariky ny skotisma zazalahy

Toerany : Tratra ambonin'ny paosy tratra ankavanana.

N.B: satria ny Tily (ASN) no mpikambana fa tsy Madagasikara.

Refiny : 4 cm x 2,5 cm

Fepetra : Mipetaka avy hatrany amin'ny fanamian'ny tily rehetra



## Fanamiana Tily: Marika Talenta (mipetra eo amin'ny sandry ankavanana ho an'ny Beazina)



## Fanamiana Tily: Marika Ambaratonga (ho an'ny Beazina)



# Fanamiana Tily: Marika Loham-bondrona (ho an'ny Mavo, Maitso, Mena)



## Fanamiana Tily: Marika Hetsika Nasinaly na iraisam-pirenena (ho an'ny Tily rehetra)




Fehin-kevitra FIFITI 2023, Tolagnaro

## Fanamiana Tily: Marika Mari-boninahim-pirenena (ho an'izay efa notolorana azy)



### Mari-boninahim-pirenena

ORDONNANCE Nº 2019-007 relative à l'Ordre National Malagasy

Scouting for boys. 3rd edition. Scouting for boys, page 38

# Fiorenana amin'ny andraikitra

Entin'ny ekipa foibe rehefa avy niasa nandritra ny fotoana maharitraritra ka azo lazaina fa efa miorina tsara ao anatin'ny andraikiny

Eny "antanimboanjo" no atolotra io marika io, izany hoe any anaty hetsika hanatanterahany ny andraikiny.

Mipetaka eo amin'ny paosy ambony tratra havanana raha amin'ny fanamiana na amin'ny "boutonnière" (tratra ankavia) raha amin'ny akanjo sivily ary hanaovany mandritra ny taom-piasana voafetra.



## Fanamiana Tily: Vonam-pehitenda (Sary fanehoana ho amin’ny Sampana Maitso)



# Ny fehitenda

Isan'ny endrika fampiainana iombonan'ny skoto eran'izao tontolo izao ny fehitenda, ary marika voalohany ahafantaran'ny olona ny skoto. Mariky ny fiombonana ny fehitenda, fiombonana eo amin'ny sehatra irotsahana (mitovy lokom-pehitenda) no sady fiombonana amin'ny skoto rehetra eran'izao tontolo izao mihitsy. Tsy haingokaingo fotsiny ny fehitenda fa sady fitaovana afaka ampiasaina amin'ny toe-javatra maro : rehefa sendra ny voina, afaka hiarovana amin'ny masoandro, ny hatsiaka, ary ny tadio, …



# Ny nihavian'ny fehitenda skoto



Nandritra ny fandraisain'i Baden Powell anjara tamin'ny ady faharoa tao Matabele, ny taona 1896, dia niara-niasa tamin'i Frederick Russell Burnham izay mpisava lalana Amerikana nampiasain'ny tafika britanika izy. Nalain'i Baden Powell tahaka ny fomba fiakanjon'i Burnham, ka tanatin'izany "ilay lamba kely miloko volon-davenona nifatotra teo an-tendany nataony fiarovana mba tsy ho main'ny masoandro".

Rehefa nanokatra ny lasy skoto voalohany tao amin'ny Nosy Brownsea izy ny 01 aogositra 1907, dia nataony fitoviana ho an'ireo zazalahy mpiara-nilasy tao ny fisalorana fehitenda. Rehefa nanoratra ny boky Scouting for boys izy tamin'ny taona 1908, dia nampidiriny ho isan'ny fanamiana skoto ny fehitenda.

- Sary : Sarin'i Frederick Russell Burnham manao fehitenda, nataon'i Baden Powell (1896)
- Wikipedia. Neckerchief https://en.wikipedia.org/wiki/Neckerchief#Scouting
- The Scouts. "Scout Association Factsheet: The Origins of the Woggle" (PDF). 2008. https://bit.ly/WoggleOrigins

# Ny fomba fisalotra ny fehitenda ho an'ny tily

Aorina milamina tsara ny fehitenda ary avona amin'ny alalan'ny vona na vonam-pehitenda, mifanitsy haavo amin'ny vanin-taolana ambony amin'ny tratra (manubrium sternal).




Na dia tsy manao fanamiana ara-dalàna aza ny skoto rehefa manao sahan'asa, dia tsara manao fehitenda hatrany ho fifankahafantarana, sady fijoroana ho vavolombelona eo amin'izay fiaraha-monina irotsahana. Mety hisy ny fehitenda vokarina manokana araka ny filàna ao anaty hetsika iray ho mariky ny fiombonana. Ho an'ny Tily Eto Madagasikara manokana, dia manana ny refy voafaritra ny fehitenda :

- Hoan'ny Lovitao : mirefy 50sm ny jadonivony raha 80sm kosa ny lejony, araka ny boky torolalana ho an'ny sampana mavo
- Hoan'ny Tily : mirefy 70sm ny jadonivo raha 99sm kosa ny lejony, araka ny boky torolalana ho an'ny sampana maitso (Kijàna).



# Ireo karazana fehitenda fampiasantsika

## Ny fehitendam-pivondronana




Samy manana ny lokom-pehitendany ny fivondronana tsirairay avy, ary matetika dia misy heviny ny loko hita eo amin'ny fehitenda. Ireo tily efa nanao ny fanekena skoto no misalotra ny fehitendam-pivondronana.

« Samy manana ny lokom-pehitendany ny antoko (Fivondronana) tsirairay. Ary satria mifamatotra amin'ny fehitendan'ise ny hasin'ny antokon'ise (Fivondronana'ise), dia ilaina ise hitandro azy hadio sy hilamina tsara foana »

Baden Powell, Scouting for Boys (Campfire Yarn No 2). P.29 (Ed. 1951) oldscoutbooks.com/yarns00-28.pdf

## Ny fehitendan'ny Menafify



Ny fehitenda Menafify dia natokana ho an'ireo zatovolahy beazina ao amin'ny sampana menafify. Miloko menafify (bordeau) ny tokotaniny ary ahitana telozoro ny lokom-pivondronany eo amin'ny tendrony izay mipetraka eo amin'ny hatoka.

## Ny fehitendan'ny toniam-pivondronana



Ny fehitendan'ny toniam-pivondronana dia ho an'ny toniam-pivondronana efa voatolotra tao am-piangonana. Miloko volomboasary ny tokotaniny ary ahitana telozoro mitondra lokom-pivondronana eo amin'ny tendrony mipetaka eo amin'ny hatoka.

# Ny fehitendan'ny tantsoroka

Ny fehitendan'ny tantsoroka faritany dia natokana ho an'ireo mpanabe manana fahaiza-manao manokana ka nantsoina hanome fanohanana an-tselika na dia mbola mitana andraikitra eny anivon'ny fivondronana na Faritany aza. Miloko volondavenona manontolo ny fehitendan'ny tantsoroka.




Ho an'ny tantsoroka faritany dia ahitana ny marika Ravinala sy ny anaran'ny faritany hiandreketany eo amin'ny tendrony.




Ho an'ny tantsoroka nasionaly dia misy sisiny miloko fotsy, mena, maitso (lokon'ny sainam-pirenena malagasy), ary ahitana ny marika fleur de lys eo amin'ny tendrony.

# Ny fehitendan'ny mpiraidia faritany




Ny fehitenda miloko manga no ahafantarana ireo Filoha Tily voantso ho mpiraidia eny anivon'ny faritany. Miloko manga antitra manontolo izy io ary ahitana ny marika Ravinala.

Mitovy avokoa io fehitenda io ho mariky ny fiombonana fa samy Filoha Tily eto Madagasikara. Misoratra manodidina ny marika Ravinala ny anaran'ny Faritany hiandreketany.


# Ny fehitendan'ny mpiraidia Nasionaly





Ny fehitendan'ny mpiraidia nasionaly dia miloko fotsy ny tokontaniny, misy sisiny miloko fotsy, mena, maitso (lokon'ny sainam-pirenena malagasy) ary ahitana ny marika Fleur de Lys eo amin'ny tendrony, mariky ny fiombonana amin'ny fianakaviamben'ny skoto eran-tany.

# Ny fehitendan'ny rafitra mpitantana

Ny fehitendan'ny rafitra mpitantana (Komitim-paritany- KOPA, Komity Lehibe- KL) dia misy sisiny ahitana ny marika Fleur de Lys (mariky ny skoto zazalahy) amin'ny tapany ilany tandrify ny soroka ankavanana ary ny marika Trèfle d'or (mariky ny skoto zazavavy) amin'ny tapany ilany tandrify ny soroka ankavia.




Ho an'ny Komitim-paritany, ny tokontaniny dia miloko tapany volomparasy ary tapany manga. Misalotra io fehitenda io koa ny filohan'ny Komitim-pivondronana amin'ny maha-isan'ny Komitim-paritany azy.




Ho an'ny Komity Lehibe, ny tokotaniny dia miloko fotsy. Ny filohan'ny Komitim-paritany dia misalotra ny fehitenda tokotany fotsy noho izy isan'ny Komity Lehibe


# Ny fehitendan’ny rafitra mpanohana



Ny fehitendan’ny Firaisan'ny Mpanazava sy Tily Tranainy ary Sakaiza (FMT2S) dia miloko maitso manontolo ary ahitana ny marika FMT2S eo amin’ny tendrony.

## Ireo fehitenda manokana iraisam-pirenena

### Ny fehitenda Gilwell



Marika iraisan’ny tari-panofanana rehefa amin’ny andraikitra tandrify izany ny fehitenda Gilwell. Tsy mandeha irery ny fehitenda Gilwell fa miaraka isalorana amin’ny vonam-pehitenda hoditra sy ny tapa-porohana.

Bureau Mondial du Scoutisme. Cadre du badge de bois. (2020) p.16 https://members.scout.org/fr/woodbadge-framework2020

## Ny fehitenda FSM



Rehefa amin'ny sehatra iraisam-pirenena dia ny anaran'ny *Firaisan'ny Skotisma eto Madagasikara* no entintsika. Ankoatra ny mpiraidia nasionaly dia misy ny fehitenda manokana anaovana rehefa misolo tena an'i Madagasikara dia ny fehitenda tapany mena (ankavia), sy tapany maitso (ankavanana) ary misy sisiny fotsy.

## Ny fehitenda Messenger of Peace



Ireo niatrika lasy « Messenger of peace » ka miatrika asa firotsahana eny amin'ny fiaraha-monina, na mpandray anjara na mitarika, dia misalotra ity fehitenda ity. Miloko fotsy, misy ny mariky ny fandaharam panabeazana iraisam-pirenena « Messenger of peace », ary misy sisiny maitso (ho an'ireo Ambassadeurs) na manga (ho an'ireo mpanofana)

## Ny fehitenda Skoto ho an'ny ODD (SCOUTS4SDGs)




Ny fehitenda Scouts for SDGs no anaovan'ireo skoto *Ambasadaoron'ny Tanjon'ny Fandrosoana Lovainjafy* (ODD) rehefa manao asa firotsahana, tetikasa, na sahanasa manokana momba ny ODD. Miloko fotsy, misy sisiny volomparasy ary misy ny marika « Scouts for SDGs » eo amin'ny hatoka.

## Ny fehitenda International Leadership Training



Manana fehitenda manokana ireo niatrika « International Leadership Training » (ILT). Miloko manga tanora ary misy ny mariky ny fiofanana ILT. Ny sisiny no misy mampiavaka azy tsirairay : volomparasy ho an'ireo mpanofana iraisam-pirenena, fotsy ho an'ny mpitarika nasionaly, ary ho an'ny mpiofana dia mena (Antily), volomboasary (Kiady) ary mavo (Tily).


# Ireo marika andraikitra (Barety)

Ny fampiasana ny “barety” eo an-tsoroka ho marika andraikitra dia isan’ny marika nolovaintsika tamin’ny fampiasan’ny skotisma frantsay tany amin’ny taona 1956 ka mbola notanana hatramin’izao9. Mirefy 5 x 1,5 cm ny marika andraikitra ary mipetraka eo amin'ny soroka. Ny mpanabe efa nahavita ny fanekena maha-mpiandraikitra no miambozona barety.



https://fr.scoutwiki.org/Barrette "Sur les traces", 1956 (Torolalana EEUDF fahiny)


# Fivondronana




# Faritany




# Fanabeazana (DFB)




# Faritany : Departemanta




# Foibe

Filoha Foibe (FFB)



FFB Mpanampy



Masoivoho



# Fanabeazana (DFB)

Tonian'ny Fanabeazana



DFB Mavo



DFB Maisto



DFB Maitso



DFB Menafify



DFB Mavo (Tantsotoka)



DFB Maitso (Tantsotoka)




DFB Mena (Tantsotoka)



DFB Menafify (Tantsotoka)



# Foibe : Departemanta




APF : Aim-panahy sy Fitanankaja - DFaF : Fandraharahana sy Famokarana – DAF : Fanofanana -
DFF : Fitantanana sy Fampandrosoana – ODK : Olon-dehibe sy kalitao – DSF : Serasera sy Fifandraisana -
DFH : Fikarohana sy Haivao - CI : Commission Internationale

Fanamarihana :

1. Mety ho samihafa na hiova araka ny vanim-potoana sy ny toerana ny anaran'ny departemanta, fa ny "lohahevitra iasana no mitondra ny loko.
2. Mety hisahana andraikitra roa na maro ny Filoha iray, ka izay andraikitra mibahana indrindra ao anaty fisin'andraikiny no loko entiny.

Ireo marika rehetra (Ravinala, SCOUTS, sns) sy ireo fitaovana mety ho ilaina (endri-tsoratra, lasitra isan-karazany: WORD na Powerpoint) dia azo raisina ao amin'ny https://fiziantsika.scout.mg

TILY ETO MADAGASIKARA
Vonona amin'ny fiainana
"Ataovy mpianatra ny firenena rehetra" Matio 28:19e

tily@scout.mg - www.scout.mg - facebook.com/tilyscout
twitter.com/tilyscout linkedin.com/company/tilyscout -instagram.com/tily.scout

Edisiona faharoa
Nivoahany: Novambra 2025
Mila fanavaozana aorian'ny : 2033

tily@scout.mg  -  www.scout.mg - facebook.com/tilyscout -x.com/tilyscout
linkedin.com/company/tilyscout - instagram.com/tily.com - tiktok.com/@tily.scout - youtube.com/@tilyscout